LALANA LAHARANA FAHA-97-044
MIKASIKA NY SEMBANA

Ny Antenimieram-pirenena no nandany tamin'ny fivoriana nataony ny 19 desambra 1997,
Ny Filohan'ny Repoblika,
Araka ny lalàmpanorenana tamin'ny 18 septambra 1992,
Araka ny fanapahana laharana faha-3-HCC/D.3 tamin'ny 28 janoary 1998 nataon'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalàmpanorenana.

No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy:

LOHATENY VOALOHANY
FAMARITANA SY SEHA-PAMPIHARANA

Andininy voalohany.-Ny antonanton'izao lalàna izao dia ny hanomezan'antoka ny olon-drehetra sembana fa toavina sady avela hisitrahany sy hampiasain'izy tenany ihany na olon-kafa ny zo rehetra zakain'ny olombelona tsy misy avakavaka.

And. 2.- Ny teny hoe « sembana» dia fanondroana ny olon- drehetra trà-takaitra hatrany am-bohoka na taoriany, ara-batana na ara-tsaina izay tsy ahafahan'izy ambatany miatrika manontolo tanteraka na amin'ny ampahany ihany ny tena ilaina amin'ny fiampiainan'ny isam-batan'olona na eo amin'ny fiaraha-monina.

And. 3.- Ny sembana dia misitraka sy mampiasa na izy am-batana,na amin'ny alalan'olon-kafa ny zo toavin-ko zakain'ny olom-pirenena rehetra ao anatin'ny Lalàmpanorenana, ny fanambarana ny zon'ny sembana voalazan'ny Fivoriamben'ny Firenena mikambana, ny Fifanarahana iraisam-pirenena notoavin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

LOHATENY II
NY AMIN'NY ZO ZAKAIN'NY SEMBANA

TOKO VOALOHANY
Zo ara-pahasalamana

And.4.- Ny olon-drehetra sembana dia mananjo hizaka sy hisitraka aminà fisahanan-draharaha momba ny fitsaboana ankapobeny sy ny fitsaboana manokana.
Zon'izay rehetra sembana ny fahalavorarian'ny fitsaboana azy ara- batana sy ara-tsaina.

LOI N° 97-044
SUR LES PERSONNES HANDICAPÉES

L'Assemblée nationale a adopté en séance du 19 décembre 1997,
Le Président de la République,
Vu la Constitution du 18 septembre 1992,
Vu la décision de la Haute Cour Constitutionnelle n° 3-HCC/D-3 du 28 janvier 1998.

Promulgue la loi dont la teneur suit :

TITRE PREMIER
DEFINITION ET CHAMPS D'APPLICATION

Article prernier.- La présente loi a pour objet d'assurer à toutes personnes handicapées la reconnaissance, la jouissance et l'exercice par elles-mêmes ou par d'autres personnes de tous les droits reconnus à tous les citoyens sans distinction.

Art. 2- L'expression «Personnes handicapées» désigne toute personne qui présente une déficience congénitale ou acquise dans ses capacités physiques ou mentales et qui l'empêche d'assurer personnellement tout ou partie des nécessités d'une vie individuelle ou sociale normale.

Art. 3- La personne handicapée jouit et exerce personnellement, soit par l'intermédiaire d'un tiers, les droits reconnus à tous citoyens par la Constitution, la déclaration des droits des personnes handicapées proclamée à l'Assemblée générale de l'Organisation des Nations Unies, les Conventions Internationales ratifiées par la République de Madagascar.

TITRE II
DES DROITS DES PERSONNES HANDICAPEES

CHAPITRE PREMIER
Des droits à la santé

Art. 4- Toute personne handicapée a le droit de jouir et bénéficier des services médicaux et de la rééducation spécialisée.
Toute personne handicapée a le droit des soins de santé physique et mentale de qualité.

And.5 - Tsy maintsy raisin'ny Fanjakana ny fepetra ilaina hisorohana ny aretina sy izay ho enti-manana ny fisian'ny fifanakalozana sy ny fikorianan'ny fahalalam-baovao mikasika ny fitsaboana itandroam-pahasalamana.	**Art. 5**- L'Etat doit prendre des mesures de prévention nécessaires contre les maladies et des mesures destinées à assurer l'échange et la circulation des informations sur les soins de santé préventifs.
And 6 - Imasoan'ny Fanjakana : - ny hahazoan'ny sembana misitraka aminà fikarakarana azy ara-pahasalamana, ny fitsaboana ny manjo azy ara-batana, ara-tsaina sy eo amin'ny fahafaha-mihetsika ary aminà fitaovana fanovonana sy fanitsiana ny mihatra aminy ; - ny famerenana indray ny fihetseham-batana ny olona sembana amin'ny alalan'ny fitsaboana	**Art. 6**- L'Etat doit favoriser : - L'accès des personnes handicapées aux soins de santé nécessaires à un traitement médical, psychologique et fonctionnel adéquats, et aux appareils de prothèse d'orthèse; - la rééducation fonctionnelle et motrice des personnes handicapées.
And.7 - Ny sembana rehetra dia tokony hanana antontan-taratasim-pitsaboana amin'antsipiriany sy ara-dalàna, ny fanavaozana azy tsy ho dila paik'andro.	**Art. 7**- Toute personne handicapée doit disposer d'un dossier médical détaillé, mis à jour régulièrement.
And.8 -Ataony fanjakana izay hampahomby ny fananganana sy fanitarana hopitaly, toeram-pivahiniana sy fandraisana manokana ho an'ireo izay trà-pahasembanana mafy dia mafy sy olona sembana tsy manam-pianakaviana velon'aina miahy azy.	**Art. 8**- L'Etat doit favoriser la création et l'extension des hôpitaux et des hospices et services d'accueil spécialisés pour les personnes lourdement handicapées et les personnes n'ayant plus de membre famille vivant.
TOKO II ***Zo amin'ny Fanabeazana***	*CHAPITRE II* ***Des droits à l'Education***
And. 9 - Ny ankizy sembana dia manan-jo hianatra toy ny zaza tsy kilemaina. Miara-misalahy amin'ny antokon-draharaha tsy miankina amin'ny Governemanta ny Fanjakana amin'ny fanatontosana izay hahazoan'ny zaza rehetra sembana fanabeazana sahaza ho azy, kilalao fialam-boly ananan'antoka fa hampivelatra ny maha-izy azy, anatin'izany ny momba ny kolontsaina sy ara-panahy.	**Art. 9**- L'enfant handicapé a le droit d'apprendre tout autant qu'un enfant normal. En concertation avec les organismes non gouvernementaux, l'Etat assure à tout enfant handicapé l'accès à une éducation adéquate, à des activités récréatives pouvant garantir son épanouissement personnel, y compris dans le domaine culturel et spirituel.
And.10 - Iandraiketan'ny Fanjakana ny famolavolana sy fampanatontosana Fandaharam-pianarana sy fanabeazana ho an'ny olona sembana any amin'ireo sekoly sy andrim-pitondrana manokana na amin'ireo toeram-pampianarana amin'ny ankapobeny.	**Art. 10**- L'Etat assure l'élaboration et la réalisation des Programmes de scolarisation et d'éducation des personnes handicapées aussi bien dans les écoles et institutions spécialisées que dans les établissements scolaires en général.
And. 11 - Ho raisin'ny Fanjakana ny fepetra mifandraika amin'izany ho fikatsahana, andaniny, ny fampidirana ao anatin'ny fandaharam-pampianaran'ireo toeram-piofanan'ny mpampiofana sy mpanabe,taranjam-pampiofanana amin'ny fahaiza-mampianatra antonona ho an'ireo izay sembana, ary ankilany, ny fametrahana fanofanana manokana ho an'ny mpampianatra mpirotsaka an-tsehatra amin'ny fanabeazana sy fanofanana ny olona trà-pahasembanana.	**Art. 11**- Des mesures appropriées seront prises par l'Etat visant, d'une part, l'insertion dans le programme pédagogique des établissements de formation des formateurs et éducateurs, de handicapés; et d'autre part, l'institution d'une formation spécialisée pour les formateurs affectés à l'éducation et à la formation des personnes handicapées.
And. 12 - Ataon'ny Fanjakana izay haharisika ny ankolafin- draharaha voakasika hiroso amin'ny fanajariana ny fotodrafitrasan'ny sekoly tsy miankina sy miankina amin'ny Fanjakana mba hahatsara kokoa ny fahazoan'ny mpianatra sembana mandranto fahaizana sy ny fiarovana azy.	**Art. 12**- L'Etat incite les entités concernées à procéder à l'aménagement des infrastructures des écoles privées et publiques dans le but de mieux assurer l'accès et la sécurité des élèves handicapés.

And. 13 - Iantsorohan'ny ny Fanjakana ny fampandaminana paika sy ny endri-panadinana mitovy tantana sahaza ny sokajy isanisany amin'ny sembana mianatra sy mandranto fahaizana.	**Art. 13**- L'Etat assure l'adoption de procédure et des formes d'examen uniformes adaptées à chaque catégorie d'élèves et étudiants handicapés.
And.14 - Amporisihan'ny Fanjakana ny hisian'ny karazam-panampiana rehetra, avy amin'ny Fandraharaham-bahoaka sy avy amin'ny fikambanana na olon-tsotra, mifanentana amin'ny toetoetry ny mpianatra sembana sy ny fiaimpiainan'ny raiaman-dreny na ireo vatantenan'olona miahy azy.	**Art. 14**- L'Etat encourage toutes formes d'aide publique et/ou privée adaptées à l'état de l'élève handicapé et à la situation de ses parents ou des individus à qui il est confié.
And.15 - Ezahin'ny Fanjakana ny hampiroborobo ny fientanana amin'ny hetsika famenon'ny any an-tsekoly hanasoavana ny tanora sembana.	**Art. 15**- L'Etat favorise le développement des activités parascolaires en faveur des jeunes handicapés.
TOKO III ***Zo amin'ny fiofanana sy amin'ny fisahanan' asa***	***CHAPITRE III*** ***Des droits à la formation et à l'emploi***
And.16 - Ataon'ny Fanjakana izay hahatomombana ny fahafahan'ny sembana rehetra miatrika ny fisahanan'asa aman-draharaha. Tanjona kinendry amin'ity farany ny fanamorana ho an'olona sembana ny fahazoana ny fitanana ny asa sahanina mendrika ary ny firosoany dingana amin'ny fiambarantongan'ny fisahanan'ny asa aman-draharaha.	**Art. 16**- L'Etat assure l'accessibilité à toutes personnes handicapées des mesures de réadaptation professionnelle. Cette dernière a pour objectif d'offrir aux personnes handicapées la possibilité d'obtenir et de conserver un emploi convenable et progresser professionnellement.
Iantohan'ny Fanjakana ny fampanajana, amin'ny lafin'ny asa sy fisahanan-draharaha, ny foto-kevitra momba ny fitoviana lenta amin'ny fitondrana ny mpiasa sembana sy ankapoben'ny mpiasa.	L'Etat doit assurer le respect, en matière de travail et d'emploi, du principe d'égalité de chance et de traitement entre travailleurs handicapés et travailleurs en général.
And.17 - Ny Fanjakana dia miara-miasa amin'ny antokon-draharaha tsy miankina amin'ny Governemanta amin'ny fandavorariana, na an-tanàn-dehibe izany na eny ambanivohitra, ny fananganana sy fampandrosoana ny ezaka ihavaozan'ny fiatrehan'ny sembana ny asa aman-draharaha sahaniny.	**Art. 17**- En collaboration avec les Organismes Non Gouvernementaux, l'Etat assure la création et le développement aussi bien en milieu urbain que rural, des services de réadaptation professionnelle et d'emploi des personnes handicapées.
And.18 - Miara-misalahy amin'ny vondrona ikambanan'ny mpampiasa sy ny mpiasa ny Fanjakana amin'ny fanomezana risi-po ho an'ny orinasa amin'ny lahasa fampiroboroboana ny atrikasa fampiofanana ny sembana hisahan'asa aman-draharaha amin'ny Orinasa izay efa misy. Toraka ny voasoritra amin'ny andalana eto aloha ihany ary amin'ny alalan'ny fandraisana fepetra fandrisihana sy fanaraha-maso, no anohanan'ny Fanjakana ny fandraisana sembana hiasa amin'orinasa miankina sy tsy miankina amin'ny Fanjakana.	**Art. 18**- En concertation avec les organisations des travailleurs et des employeurs, l'Etat assure le développement des services de formation professionnelle et d'emploi des personnes handicapées dans les Entreprises existantes. Dans les mêmes conditions que le précédent alinéa et par l'adoption de mesures incitatives et de contrôle, l'Etat doit favoriser l'embauche des personnes handicapées dans les entreprises privées et publiques.
And.19 - Ampahombiazan'ny Fanjakana amin'ny alalan'ny fepetra raisina manahaka izany ny fananganana sy fampiroboroboana etsy sy eroa ny toeram-piasana arovana.	**Art. 19**- L'Etat doit favoriser par des mesures appropriées la création et le développement des ateliers protégés.
And.20 - Fiara-misalahy amin'ny vondrom-pikambanan'ny mpampiasa sy mpiasa ny Fanjakana no andrisihan'ny Fanjakana ny orinasa sy ampahalalany ny asa an-tselika ho an'ny sembana izay tsy afa-mahatanteraka ny fisahanan'asa aman-draharaha mandritra ny fari-	**Art. 20**- En concertation avec les organisations des employeurs et des travailleurs, l'Etat incite les entreprises et favorise la pratique de l'emploi à temps partiel pour les personnes handicapées qui ne peuvent pas occuper un emploi à plein temps.

potoana feno. **And.21** - Ny Fanjakana dia miara-miasa amin'antokon-draharaha voakasika amin'ny fanamorana ny tetikasa mikasika ny sembana izay mikasa hanangana orinasa ho azy am-batany, ka hanatontosa ny fampiofanana antonona ny tsirairay avy.	**Art. 21**- En collaboration avec toutes les entités concernées, l'Etat doit faciliter la réalisation des projets des personnes handicapées qui souhaitent créer leur propre entreprise en leur assurant un encadrement adéquat.
TOKO IV ***Zo ara-tsosialy***	***CHAPITRE IV*** ***Des droits sociaux***
And. 22 - Zon'ny sembana rehetra ny miaina aminà tontolo manodidina mendrika sahaza ny mombamomba azy.	**Art. 22**- Toute personne handicapée a droit à un environnement décent correspondant à son état.
And. 23 - Mba hahamety kokoa ny fiverenana na ny fampamerenana ho eo anivon'ny fiaraha-monina ny sembana, dia andraikitry ny Fanjakana, miaraka amin'antokon-draharaha tsy miankina amin'ny Governementa, ny fanentanana ny vondrombahoaka rehetra, sosaiety na orinasa ny amin'ny zon'ny olona sembana. Homen'ny Fanjakana vahana ny sosaiety na ny orinasa rehetra mandray sembana hiasa ao aminy	**Art. 23**- Afin de mieux assurer l'intégration ou la réintégration sociale des personnes handicapées, l'Etat, en collaboration avec les organismes non gouvernementaux, doit sensibiliser toute communauté, société ou entreprise sur les personnes et les droits des personnes handicapées. L'Etat favorisera toute société ou entreprise qui embauche des personnes handicapées.
And.24 - Arakaraka izay mety ho vitany, dia tsy maintsy hamorain'ny Fanjakana ny fahafahan'ny sembana miditra anaty trano sy toerana fandehanan'ny besinimaro ary koa misitraka aminà fitaovam-pitanterana ho an'ny rehetra.	**Art. 24**- L'Etat doit faciliter, dans la mesure de ses possibilités, l'accès des handicapés aux locaux et lieux publics, ainsi qu'aux moyens de transport public.
And. 25 - Ny Fanjakana dia hamporisika sy hanome fanampiana sahaza ny takaitra mahavoa ny sembana.	**Art. 25**- L'Etat encourage et assure l'octroi d'une aide adaptée à l'état de la personne handicapée.
And. 26 - Ny Fanjakana dia hifofotra amin'izay rehetra fanavakavahana ny olona tràn'ny fahasembanana. Ilozohany ny fampandraisan'anjara ny sembana amin'hetsika rehetra indrindra momba ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena.	**Art. 26**- L'Etat met tout en œuvre pour éradiquer toutes formes de discrimination à l'égard des personnes handicapées. Il favorise l'intégration des personnes handicapées à toutes les manifestations notamment culturelles et sportives.
TOKO V ***Fepetra samihafa***	***CHAPITRE V*** ***Disposition diverses***
And.27 - Raha ilaina izany dia hisy ny didim-panjakana hametra ny soridàlan-kitondrana ny fampiharana izao lalàna izao. **And. 28** - Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika ity lalàna ity. Ho tanterahina izany fa lalàm-panjakana. Antananarivo, ny 2 febroary 1998 Didier RATSIRAKA	**Art. 27**- Des décrets fixeront, en tant que de besoin, un cadre institutionnel pour la mise en œuvre de la présente loi. **Art. 28**- La présente loi sera publiée au Journal officiel de la République Elle sera exécutée comme loi de l'Etat. Antananarivo, le 2 février 1998. Didier RATSIRAKA